
Vaovao

Nofatoran' ny jiolahy ny talen' ny Jirama

Mahita faisana hatramin' ny mpizahatany

Nisy dian - tanan'

i Claudine A&C

Dia tonga tokoa ny mpangalatra !

www.madagate.org

Firy taona avy isika amin'izao volana Avrily 2016 izao? Mandinihy tena daholo fa izaho 18 taona tamin'ny volana May 1972. Efa hitako daholo ny fitondrana ara-dalàna (filoha voafidy) nanomboka tamin'i Philibert Tsiranana. 62 taona aho izao fa mbola tsy niaina teo ambanina mpitondra tena hamarina an-kady ny firenena iray manontolo. Inona ny antony?

Mihevitra ingahy Hery Rajaonarimampianina hoe: efa voafidim-bahoaka izy dia afaka manao izay tiany. Raha mahay sy matsilo moa naninona? Saingy indrisy. Mpandainga sy mpamadika ny tanindrazana satria lasa vorona azon'adala ilay fahefana nampindramin'ny vahoaka azy ka dia io: isan-kerinandro misy zavatra mamoan-tsampona foana ataon'ireo mpitondra sy ny manodidina azy. Izany porofo tsy azo ivalozana izany dia tsy miteny aminy. Voavidiny daholo ny tompon'andraikitra adàlam-bola rehetra izay izy ihany no manendry azy ireny. Ary na ireo hoe « *namana* » tsy fohy aza dia vadiana daholo.


Politika — Talata 12 avrily 2016 — Inona no Vaovao

Fionganan - dRavelonarivo Jean

# Nisy dian - tanan' i Claudine A&C

Vao fantatra fotsiny fa niongana ny Praiminisitra teo aloha Ravelonarivo Jean dia efa nanao « *arrosage* » ny Claudine tompon' ny hotel A&C Ivato. Satria tokoa dia nahiany ho ity Praiminisitra teo aloha ity no nitsingoloka nanapongatra ny afera malotony izay nivoaka tamin' ny gazety tao ho ao, ka nahatonga azy saika voasambotra. Olona akaiky ny Filoha ity Claudine Razaimamonjy ity ary voasaringotra amina raharaha maloto maro toy ny tsenam - panjakana samihafa mitentina amina miliara maro. Tsy maty manota anefa izy satria na dia efa feno porofo maro aza avoaka an - gazety dia maty an - karanany any ireny afera ireny. Ny setrin' ny fikitikitihana an' io ramatoa akaiky ny Filoha io dia tena navaivay ny fanenjehana an' i Praiminisitra teo aloha ary niafara tamin' ny fanerena azy hametra - pialana mihitsy. Tsy takona afenina araka izany ny dian - tanan' i Claudine tamin' ny fionganan - dRavelonarivo.

**Tsy izy irery ihany...**

Ny fanangonam - baovao natao ihany koa dia nahalalana fa tao ambadik' iny fionganan' i Praiminisitra teo aloha iny koa i M. R., mpanolotsaina manokan' ny Filoha. Na tsy niventana aza, dia nisy ny dian - tanany tao. Efa nandritry ny fotoana elaela no nandrenesana fa mamatsy vola amin' ny fomba ankolaka ny fanaratsiana ny Lehiben' ny Gouvernemanta teo aloha izy io. Amin' ny alalan' ny olona efa mpikirakira ny resaka gazety, izay lasa niara - niasa taminy no hanatanterahany izany. Misy mpanao gazety efa tranainy amin' ny resaka « *mercenariat* » no voatondro ho mpanatanteraka an' izany ary ity farany no mamolavola ny paika rehetra hamelezana an' ingahy Praiminisitra teo aloha amin' ny fomba rehetra, ka ny tanjona dia ny mba hialany. Ny mpanolotsain' ny Praimisitra Ravelonarivo tamin' ny fotoan' androny efa namaky bantsilana an' io fomba io tao anaty tranokalam - pifandraisana. Taoriana kelin' ny nisian' ilay « *scandal* » tamin' ny zoma momba ny fanerena ny Praiminisitra hametra - pialana, dia nisongadina tany anaty sehatry ny fampahalalam - baovao ny teboka nanaratsy ny Pm teo aloha Ravelonarivo.

Isan' ny anton' ny hanaovan' ity mpandraharaha tanora akaiky ny Filoha ity ny fiheverany fa kitikitihan' ny eny Mahazoarivo ny tombontsoan' ireto olona akaiky ny Filoha ireto.

**Efa naresaka teto...**

Tsiahivina fa efa naresaka teto amin' ny firenena ny raharaha naha voatonontonona an' ity M. R. ity, tamin' ny sehatry ny hosoka tamin' ny ladoany. Ny raharaha « *transit T.* » izay voalaza fa azy no voaresaka tamin' izany. Voalaza tamin' izany fa raha misy « *transit* » hafa manelingelina azy dia ataony mahalala ny anarany. Nivoaka tany anaty tambajotran - tserasera tany io raharaha ary nahaliana ny maro tokoa. Nivoaka tamin' izany ny fomba fanao amin' ny antsipiriany rehefa hanao ilay fanambarana hosoka. Fantatra tamin' izany koa ny volabe azo vokatry ny fahaiza - manao amin' ilay hosoka. Ny tambajotran - tseraseran' ny Madagate.org dia efa namoaka izany ary nivoaka tao anatin' ny fanamarihana mihitsy aza ny fiangaviana an' i Jeannot Ramambazafy mpanao gazety nanoratra azy tao amin' ny madagate.org mba hamafa ilay sary sy lahatsoratra an - gazety miresaka an' io raharaha io saingy tsy nanaiky ity farany. Vokatry ny hosoka tahaka itony dia tsy miditra anaty kitapom - bolam - panjakana ny hetra tokony hiditra aminy. Ny olom - bitsy no manan - karena tampoka satria amina miliara ny elanelam - bola azony amin' izany. Tsara kokoa raha hoentina misimisy kokoa eto ny antsipirian' ny lalan' ilay hosoka fataon' ireo « *transit* » izay fanetriben' ny Firenena ireny. Mbola hitohy...

**Pilokely**

Ohatra io Jean Ravelonarivo io. Namana tao aminy Rotary Club izy io. Nitsahina ny lalampanorenena hahatonga azy Praiminisitra. Talohan'izany dia nakarina Jeneraly. Ary vonona ny lehilahy satria roa ny zavatra nibaiko azy: *« Servir d'abord »* sy ny *« Ho an'ny Tanindrazana »* . Indrisy.
Vao nikitikitika ny afera afera nataon'i Claudine Razaimamony -sakaiza akaikin'i Voahangy X.- dia vita ny aminy. Tsy maintsy nanao izay nanilihina azy ilay mpikaoty volan'olona. Mafy anie ry zareo izany manambady vady tanora -nandimby an'i Claudia renin'i Matthieu- tsy dia fantatra loatra ny fiainany teo aloha e! Ka na izany *« afa-baraka »* izany tsy fantany satria izy no *« rôle »* , miseho ho tompon'ny fahefana nefa mpiasam-bahoaka izay mandoa ny karamany. Adinony koa fa firenena no entina fa tsy fokontany e!

Dia io mbola nanao tsinontsinona ny olon-drehetra tamin'ny nosafidianana ny Praiminisitra hanoloana an'i Jean Ravelonarivo. Nanatitra lisitra ingahy Jean Max Rakotomamonjy, izay nanitsaka ny andiny faha-94 ao anatin'ny Lalampanorenana ihany koa (tsy azon'ny fahefana mpanao lalàna ny mifandray mivantana amin'ny fahefana mpanatanteraka) ny atoandro. Olona eo aminy 14 no voarakitra ao. Tsy nisy adin'ny telo akory taorian'io fanaterana lisitra io anefa dia iny fa nipoitra any ny anaran'i Olivier Mahafaly, minisitry ny Ati-tany miaro ny afera fanodikodiana mbolam-bahoaka ataon'i Claudine Razaimamonjy. Voaporofo daholo izany.

Hadihady | Inona no Vaovao
« Izay mahara-baovao, tia fandrosoana »
Talata 12 avrily 2016 / N°- 2043 / 200 Ariary

## Dia tonga tokoa ny mpangalatra !

Asa na nokibokiboin' ny marina na inona no tena antony fa dia tanteraka tokoa ny tenin' ny Filohampirenena hoe *« ho avy toy ny mpangalatra ny fanesorana ny Praiminisitra Ravelonarivo Jean »*. Hay nisy dikany be dia be ilay tenin - dRajaonarimampianina satria ny olona nasolo an - dRavelonarivo dia efa nahavita iraka tamin' ny fifidianana Kaominaly sy ny Senatorialy tamin' ny fangalaram - bato ka nampadany ny antokon' ny Fitondrana Hvm. Dia tonga tokoa ny mpangalatra. Be dia be ny dian - tanan' i Mahafaly Olivier, tao amin' ny ministeran' ny Atitany sy ny Fanapariaham - pahefana, ilazana azy fa nangalatra sy nanao tantely afa - drakotra ny volam - panjakana izy. Ao anatin' ireny ny raharahan' ny Kaomina Ambohimahamasina any amin' ny Distrikan' Ambalavao Tsienimparihy. Tsy vitan' ny mpangalatra fa tena ikoizana amin' ny fanaovana kolikoly ihany koa. Anisan' izany ny fanekena ny fananganana ireo *« Mosquée »* miisa 3 000 isa eto Madagasikara izay nandraisany volabe. Olona mahatoky ireo tandapan' Ambohitsorohitra sy ny Filohampirenena ity Praiminisitra vaovao ity satria izay iraka nampanaovana azy dia vitany avokoa. Na resa - bola io na fangalaram - bato amin' ny fifidianana. Manomboka izao dia mila mifehy kibo mafimafy noho izay roa taona nitondran - dRajaonarimampianina Hery izay ny vahoaka malagasy satria vao mainka nahazo lapa ny mpangalatra ka tsy maintsy ny madinika no mizaka ny vokan' izany. Tsy hisy fanantenana ho an' ny fanatsarana ny fiainan' ny Malagasy izany intsony raha ny fomba fanaovan' ny mpitondra Hvm politika no jerena. Tena latsaka an - kady tanteraka ny Firenena kanefa mbola olona tahaka an - dry Mahafaly Olivier ireny ihany no notendrena Praiminisitra. Tsy resaka fanaovana filôzôfia sy kiantranoatrano ny fitondrana Firenena fa fandraisana andraikitra azo tsapain - tanana mipaka any amin' ny vahoaka. Ampy nitsarana an' i Mahafaly Olivier ny fomba fiasany tao amin' ny ministeran' ny Atitany noho izany fanodinkodinan - dresaka sy fampandriana Adrisa avokoa ny fitenenana hoe *« avelao aloha izy hiasa vao mitsikera »*.

**Andriamanintona**

Gazety mivoaka isan'andro

Inona no Vaovao
« Izay mahara-baovao, tia fandrosoana »
Talata 12 avrily 2016 / N°- 2043 / 200 Ariary

### Mahafaly Olivier Solonandrasana

## Natao Praiminisitra ilay nikasa hampizarazara an ' Antananarivo

Ny lasa tsy mba fanadino raha tena te hibanjina ny ho avy marina. Hatreto aloha dia mbola tsy nilaza mazava ny tena antony nanendren' ny Filohampirenena an' i Mahafaly Olivier lasa Praiminisitra ny vahoaka malagasy.

Na ny Lalàmpanorenena aza dia voahitsakitsaka satria tsy voahaja ny andininy faha - 54 mahakasika izany fanendrena Praiminisitra izany. Fanimpolony izao no nanitsahan' izao Fitondrana mijoro izao izany Lalàmpanorenana izany ary ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, tarihin - dRakotoarisoa Jean Eric no angady fiasana natao fitaovana amin' izany mba entina hamikiram - pahefana sy seza. Ity olona notendrana Praiminisitra ity mantsy dia havanana amin' ny fampizarazarana ary izay indrindra no nanosika azy hitsinjara an' Antananarivo Renivohitra ho Kaomina miisa 06 tamin' ny volavolan - dalàna narosony mahakasika ny sata manokana hifehezana an' Antananarivo. Izany tantara izany dia tsy fanadino satria ny tanànan' Antananarivo aza saika hopotehiny sy hozarazarany fony izy minisitry ny Atitany sy ny Fanapariaham - pahefana mainka fa izy izao lasa Praiminisitra izao. Soa ihany anefa fa mbola teo ny firaisankinan' ireo Solombavambahoaka lany teto Antananarivo Renivohitra nitsipaka izany hatramin' ny farany ka tsy tanteraka izany na dia teo aza ireo mersenera politika nalefa hanao izay hampahomby izany teny amin' ny Antenimierampirenena.

### Fahavalon' ny vahoaka

Rehefa tsy tanteraka fa rava teny anivon' ny Antenimierampirenena ny nofinofin' ingahy Mahafaly Olivier Solonandrasana hampizarazara an' Antananarivo dia ny fahefahan' ny vahoaka amin' ny fametrahana Sefo fokontany indray no nosomparany namoahany lalàna fa hotendrena ny olona hisahana izany andraikitra izany. Na ny Sefafi (Sehatra fanaraha - maso ny fifidianana) aza dia efa nanao fanankianana lavabe momba izany satria izay Fanjakana nisy teto Madagasikara hatramin' izay niverenan' ny fahaleovantena dia nanome lanja ny Sefo fokontany hovidian' ny vahoaka. Mampiseho izany fa ny fahefan' ny vahoaka mihitsy no tadiavin' ity olona lasa Praiminisitra ity hofoanana mba hanomezana vahana ny fahefana eny ampelan - tanan' ny olom - bitsy. Izao fihetsika asehon' ny Fitondrana Hvm izao dia tsy misy fanomezana lanja an' Antananarivo sy ny vahoaka ao aminy mihitsy satria mbola nomena fahefana bebe kokoa indray ny olona nikasa hampizarazara ny tanàna. Ny anton' izany dia valifaty ho an' ny vahoakan' Antananarivo noho ny tsy fananan' ny antokon' ny Fitondrana olom - boafidy na dia iray aza eto an - tanàna ankoatra ny Senatera.

**Andriamanintona**